**Andro fivavahana sy fifadian-kanina**

**Boky tari-dalana**

**Matanjaka noho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra**

*Vavaka fanelanelanana ho an'ny zanantsika*

Telovolana fahatelo 2018

Sabata 7 jolay 2018

# Fifohazana sy Fanavaozana

**Sabata 7 Jolay 2018 – Andro fifadian-kanina sy fivavahana**

Loha-hevitra : « **Matanjaka noho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra : Vavaka fanelanelanana ho an'ny zanantsika.** »

**Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?**

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihaona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo ?

Nanana izany olana izany i Jesosy teo am-piomanana hiverina ho any an-danitra rehefa avy nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozarainy tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao nijoro hanana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra izany.
Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinananareo sakafo mifototra amin'ny zavamaniry.
« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).

Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ireo andro feno fihaikana ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.

Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

**Soso-kevitra mikasika ny fanaovana drafitra**

- Toko sy andininy fototra : Isaia 49:25
- Soso-kevitra mikasika ny loha-hevitra mety hatao amin'ny toriteny na natao hodinihin'ny fiangonana miaraka :
  *Mitolona am-bavaka am-pandohalehana ho an'ireo zanantsika*
  *Manomana ny fianakaviantsika ho amin'ny mandrakizay*
  *Mamorona lanitra eto an-tany ao an-tokantranonao*
  *Tia ny ankizy kely i Jesosy.*
- Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :
  Tantarao ny fiverenan'ilay zanaka adala, araka ny Lioka 15:11-24.
  Tantarao ny mikasika ireo ondry 99 tao am-bala, fa ny iray kosa very tany ivelany.
  Tantarao ny fahagagana nitranga teo amin'ny fiainan'ny ankizy iray izay tafaverina tao amin'i Kristy noho ny vavaka.

TAHIRIN-KEVITRA :

- Ho an'ny mpitarika : misy fandaharam-potoana efa namboarina ho an'ny Sabata tolak'andro. Manokàna adiny roa farafahakeliny. Be dia be ireo drafitra mikasika ny vavaka azo tanterahina mandritra ny tolak'andro. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika mikasika ny fifehezana ny fotoana.
- Ho an'ny mpitarika : jereo ny tari-dalana ho an'ny mpitarika ny vavaka.
- Ho an'ny mpitarika sy ny mpanatrika : manaova dika mitovin'ny loha-hevitra entina am-bavaka ho an'ny mpanatrika.
- Ho an'ny mpitarika sy ny mpanatrika : manaova dika mitovin'ny « Vavaka sy Teny fikasana ho an'ny zanakareo » izay hanampy ny mpanatrika rehefa mivavaka izy ireo.
- Ho an'ny mpitarika : efa nomaninay ny loha-hevitra natao ho an'ny fandinihan-tena : « Fampitomboana ny vavaka sy ny finoana izay afaka mamindra tendrombohitra. » Azo atao ny mandinika izany mialoha ny fotoam-bavaka na koa atao toriteny.
- Vakiteny manokana natao ho an'ny mpitarika fiangonana/Pasitora : Satria mifantoka amin'ny « Vavaka fanelanelanana ho an'ny zanantsika » ny loha-hevitra amin'ity telovolana ity, dia ampirisihina ianareo mba hamaky ny « Fomba dimy fampirisihina ny tanora handray anjara amin'ny MRMA. »
- Tahirin-kevitra fanampiny : « Ny fitsipi-pifehezan'ny fifadian-kanina. »

## Zavatra tokony hotadidiana mikasika ny fifadian-kanina

Satria tsy ny rehetra no afaka mifady hanina na mandingana sakafo, dia ampirisiho ireo izay afaka mba hifady izay azony fadiana amin'io andro manokana io manomboka ny maraina ka hatramin'ny hariva.
Karazana fifadian-kanina mety hatao : tsy misotro rano, tsy misotro ranom-boankazo, fifadian-kanin'i Daniela, tsy mihinana tsindrin-tsakafo na sakafo mavesatra, tsy mampiasa ny tambazotra ara-tsosialy, sns… Ampirisiho ny mambran'ny fiangonana mba hangataka amin'Andriamanitra ny karazana fifadian-kanina tiany hotanterahin'izy ireo.
Tsy maintsy tadidiantsika fa ny fifadian-kanina dia tsy lakile majika mitondra ho amin'ny fanamarinana na ny fitahiana, na koa ho amin'ny taranja ara-panahy hafa izay arahintsika. Tsy afaka hahazo ny fitahian' Andriamanitra na valim-bavaka amin'ny alalan'ny fifadian-kanina isika, tahaka ny tsy hahazoantsika famonjena amin'ny alalan'ny tenantsika. Tahaka izany ihany koa, ny fifadian-kanina dia tsy mahasolo ny fankatoavana na ny fanoloron-tena ataon'ny tena manokana na koa ny fitiavana tahaka ny fitiavan'i Kristy.
Raha ny marina, dia voambara fa « Ny fifadian-kanina na ny vavaka izay hetsehin'ny fanahy feno fanamarinan-tena dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra. » (Ellen G. White, The Desire of Ages, p. 280).
Na dia izany aza anefa, raha misafidy ny tsy hifady hanina ny olona, dia ampirisihina ihany izy ireo handray anjara amin'ny fotoam-bavaka samihafa izay tanterahina amin'io andro io. Tadidio fa Andriamanitra dia mahafantatra ny ao am-pon'ny olona, noho izany ny fanapahan-kevitra hifady hanina na tsia dia miankina amin'ilay olona sy Izy ihany, fa tsy azon'iza na iza hidirana.
Ny zava-kendren'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana dia ny fahavononan'ny tsirairay hanao fanelanelanana ho an'ny hafa. Raha eo am-pikatsahana ny Tompo amin'ny fo manetry tena isika ary mandositra ireo zavatra manintona samihafa eto an-tany, dia ho mora kokoa amintsika ny handray izay tian'Andriamanitra hotanterahina eo amin'ny fiainantsika sy amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika.
Toy izao no nambaran'i Pasitora Derek Morris : « Mifady hanina mba handositra izao tontolo izao isika, mba hahazoantsika mifety ao amin'i Jesosy ! »

**Soso-kevitra mikasika ny endriky ny fandaharam-potoana**

**Toerana :** Mivory ao am-piangonana ny rehetra.
**Fanombohana ny fotoam-bavaka :** Aoka hisy olona iray tendrena hitarika hira maromaro, hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana. Ampahatsiahivina isika fa ny fotoana androany dia mifantoka amin'ny « Fanaovana vavaka fanelanelanana ho an'ny zanantsika. »
**Vavaka fanombohana sy fiarahabana :** Ny mpitarika ny ministeran'ny vavaka na olona iray voatendry no miarahaba ny rehetra. Lazao fa na dia tsy manan-janaka aza ny mpanatrika dia azon'izy ireo atao ny mivavaka ho an'ny zanaky ny hafa na koa ho an'ny zanany ara-panahy. Rehefa avy eo, ny mpitarika no asaina mamaky ny loha-hevitra ho an'ny fandinihan-tena: « Fampitomboana ny vavaka sy ny finoana izay afaka mamindra tendrombohitra. » raha toa ka tsy mbola natao tamin'ny fotoanan'ny toriteny izany.

**Vakiteny :** Isaia 49:25 « Nefa izao no lazain'i Jehovah: Na dia ny sambotry ny mahery aza dia halaina ihany, ary ho afaka ny babon'ny mpandrombaka; fa Izaho no hiady amin'izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao. »

**Tari-dalana :** Omeo ny tari-dalana mikasika ity fotoam-bavaka ity ny mambran'ny fiangonana. Jereo ny « Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny vavaka » mikasika ny karazam-bavaka azo atao sy ny fotoana amin'ny tolak'andro.

- Zarao ny takelaka mirakitra ireo loha-hevitra ho an'io andro fifadian-kanina sy fivavahana io.
- Zarao ny takelaka mirakitra ny « Vavaka sy Teny fikasana hotakiana ho an'ny zanakareo. »

**Fotoana laniana amin'ny fivavahana :** ora roa – ora telo fara-fahakeliny. Hihazakazaka be ny fotoana. Manoso-kevitra izahay mba hisy ampahany amin'ny fotoana atokana hivavahan'ny isan-tarika ary ny ampahany hafa kosa hiarahan'ny fianakaviana mivavaka. Na dia izany aza, dia aoka hifantoka mandrakariva amin'ny anton'ny fiaraha-mivavaka ny fotoana fa tsy laniana amin'ny resadresaka na ny fanaovana sermona. Natokana hivavahana io andro io - ary natao koa mba hivavahana ho an'ireo zanatsika sy ny fianakaviantsika !

**Famaranana :** Manaova hira fiderana maromaro, ho fisaorana an'Andriamanitra noho izay efa hataony. Ampirisiho ny mambra hanohy hivavaka ho an'ireo zanany.

**Soso-kevitra :** Araka izay azo atao, faràno amin'ny fotoana manokana fiaraha-misakafo amin'ny hariva ny fotoana. Azo atao koa ny mihevitra hanao « Fiaraha-misakafo ho an'ny tanora » mba ho fanomezam-boninahitra ireo tanora ao am-piangonana, miaraka amin'ny fotoanan'ny fijoroana ho vavolombelona izay hahazoan'ny olona mizara ireo zavatra tiany mikasika ny zanany na mikasika ireo tanora hafa izay tonga nanatrika ny fotoana. Ny fanambarana ataon'ny olon-dehibe mantsy dia mahatonga fahagagana eo amin'ireo tanora ireo.

## Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny fotoam-bavaka

Satria ampirisihina ny olona mba hivavaka miverimberina, dia ampahatsiahivo izy ireo mba tsy hanao vavaka lava reny. Toy izao no nambaran'i Ellen White : « Rehefa mivory, dia manaova vavaka fohy, fa ataovy lava izany rehefa miresaka sy mifandray amin'Andriamanitra irery ao amin'ny toerana fanaovanao izany ianao. » (Manuscript Releases, vol. 10, p. 130). Noho izany, rehefa mety ho lava ny fotoana hivavahana, dia tsy tokony ho lava toy izany ny vavaka ataon'ny tsirairay. Ny fanaovana vavaka fohy dia mampisy aina ny fotoam-bavaka sady manohina ny fo. Mampifamatotra ny fon'ny mambra izany sady miaro ny lehibe sy ny ankizy tsy hisamboaravoara.

**Fotoanan'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka :**
Mampirisika anareo izahay mba hanomboka ny fotoana amin'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka mialoha ny hanaovana vavaka fanelanelanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra. Toy izao no voalaza ao amin'ny Salamo 100:4 "Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana;…" Araka izay voalaza ao amin'ny Salamo 66:18 sy Isaia 59:1-2, raha tiantsika ny hihainoan'Andriamanitra ny fivavahantsika dia tsy maintsy miaiky ny fahotantsika sy miala amin'izany isika.
Azo atao ny manomboka ny fotoam-bavaka toy izao: "Andriamanitra Rainay ô! Manatona Anao amin'ny fo feno fiderana izahay androany. Mialoha ny hanaovanay vavaka ho an'ireo rahalahy sy anabavy avy amin'ny finoana hafa, dia te-hanokana minitra vitsivitsy izahay mba hiderana ny anaranao. Misaotra Anao izahay amin'ny maha-Mpanjaka mahery sy Mpanafaka anay Anao."
Rehefa avy eo, dia avelao ny hafa hivavaka. Zarazarao ho tarika madininika ny mambra. Rehefa tonga ny fotoana tokony hirosoana amin'ny fiaiken-keloka, dia tariho indray izany.

Izahay dia mampirisika mba hasiana fotoana fohy ho an'ny fiaiken-keloka ataon'ny tena manokana amin'Andriamanitra sy fiaiken-keloka iombonana, indrindra teo amin'ny tsy firaharahaina sy ny fahalainana tamin'ny famonjem-panahy ho an'i Kristy. Azo arahina hira izany rehefa avy eo.

**Fotoam-bavaka ho an'ny zanaka :**
Rehefa mivavaka ho an'ny ankizy ao am-piangonana ianareo, na ho an'ny zanakareo na ho an'ny hafa, dia ampirisiho ny tsirairay, amin'ny alalan'ny ohatra omenareo, mba hivavaka hitaky ny teny fikasany araka izay voambaran'ny Baiboly. Aoka ho voafaritra mazava tsara ny fangatahana! Mivavàha amim-pinoana! Avelao handeha araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina azy ny halavan'ny fotoana.
Eny anelanelany eny, dia azo atao ny manonona hira hain'ny rehetra sy mifanaraka amin'ny antom-bavaka. "Amin'ny maha-anisan'ny fanompoam-pivavahana azy, ny fihirana dia fomba iray hiankohofana tahaka ny vavaka. Raha ny marina, ny hira maromaro dia vavaka." (Education, p. 168). Ampirisiho ny mpikambana ao amin'ny tarika mba hifanaiky ny hitaky ny Matio 18:19 amin'ny vavaka izay ataony.

**Fotoam-bavaka ho an'ny fianakaviana:**
Mandritra ilay fandaharam-potoana amin'ny tolak'andro, avelao ny ray aman-dreny mba hitokana hivavaka miaraka amin'ny zanany mandritra ny 30 mn ka hatramin'ny ora iray. (Ny fahendrenao na izay hifanarahan'ny tarika no hamaritra ny halavan'ny fotoana).
Azon'ny fianakaviana atao ny miparitaka manerana ny fiangonana na mankany amin'ny toerana hafa natokana hivavahana, na koa mankany amin'ny toerana manokana izay nofidin'izy ireo. Amin'ny fotoana efa voafaritra mialoha dia miverina miaraka indray ny rehetra rehefa avy eo.

**<u>Ho an'ireo izay tsy manan-janaka na tokantena :</u>**

Ampirisiho izy ireo mba hivondrona ao amin'ny faritra iray ao am-piangonana ka hivavaka ho an'ireo fianakaviana izay nandeha nitokana nivavaka. Azon'izy ireo atao ihany koa ny mivavaka ho an'ny zanaky ny

havany/ny namany sy ny olom-pantany, na koa ho an'ireo zanak'izy ireo ara-panahy izay nampanantenain'Andriamanitra ho an'ireo izay tsy manan-janaka (Jereo Isa. 54:1).

Manendre olona izay hiandraikitra ity tarika ity raha mbola mandeha mivavaka ny isam-pianakaviana. Soso-kevitra mety hanampy anareo ihany ireo. Fa ny tena zava-dehibe, dia ny famelana ny Fanahy Masina hitarika mandritra io fotoam-bavaka io !

**Manao vavaka fanelanelanana ho an'ny zanantsika**
(Loha-hevitra ho an'ny vavaka sy Hevi-dehibe)

"Fa Izaho no hiady amin'izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao." Isaia 49:25

VAVAKA IOMBONANA HO AN'NY REHETRA:

- FIDERANA AN'ANDRIAMANITRA : Atombohy amin'ny fiderana sy fiankohofana amin'Andriamanitra amin'ny maha-Izy azy ny fotoam-bavaka. Tena afaka manasitrana sy mamerina amin'ny laoniny ny fo torotoro Izy. Azony atao koa aza ny mamerina ny zanaka ao an-trano indray !
- FIDERANA AN'ANDRIAMANITRA NOHO NY AMIN'NY ZANAKAREO : Na manao ahoana na manao ahoana ny fifandraisanareo ankehitriny, makà fotoana hideràna an'Andriamanitra noho ny amin'ny zanakareo, na koa ho an'ireo tanora izay fantatrareo.
- FIAIKEN-KELOKA IOMBONANA : Ny dingana manaraka dia ny firosoana amin'ny faiken-keloka iombonana, fangatahana famelan-keloka amin'Andriamanitra noho ny fitiavan-tenantsika sy ny avonavona ary ny famelantsika ny fahavalo hahazo vahana tao amin'ny tokantranontsika sy ny fifandraisantsika. (Ampirisiho ny mambra mba hiaiky ny fahotana izay ampahatsiahivin'ny Fanahy Masina azy ireo ; ireo fahotana izay nataon'ny tena mitokana kosa dia mitokana ihany koa no hiaikena izany.)
- FIAIKEN-KELOKA ATAON'NY TENA MANOKANA : Makà fotoana hiaikenareo am-pahanginana ny fahotana nataonareo, miaraka amin'ny fangatahana an'Andriamanitra mba hampiseho ireo fahotana mbola tsy nekena mba hiverenan'ny zavatra rehetra amin'ny laoniny.
- FANGATAHANA HO AN'NY ZANAK'IREO MPITARIKA NY FIANGONANA : Mangatàha amin'Andriamanitra mba hanisiany fefy eo amin'ny tokantranon'ireo mpitarika ny fiangonana, ao anatin'izany ny pasitoran'ny fiangonana, ny loholona, ny diakona, ny any amin'ny Federasiona sy ny Fivondronambe. Ny famelezan'ny fahavalo dia manomboka mandrakariva ao amin'ny tokantrano sy ny fiainan'ny isam-batan'olona. Mangatàha mba hahazoan'Andriamanitra mandrodana ny fikasan'ny fahavalo rehetra sy hamonjy ny zanakareo.
- FANGATAHANA HO AN'NY ZANAK'IREO MAMBRAN'NY FIANGONANA / MPANATRIKA : Mivavàha ho an'ireo zanaky ny fiangonana. Antsoy ny tanora sy ny zatovo rehetra mba hanao faribolana eo afovoany, hodidinin'ny ray aman-dreny izy ireo amin'izany sady hivavahany. (Ataovy izay ahazoana antoka fa hanaovana vavaka daholo ny tanora sy ny zatovo rehetra izay tonga eo !).
- FANGATAHANA HO AN'NY ZANAK'IREO MAMBRA NIHEMOTRA : Mivavàha ho an'ny zanak'ireo mambra izay tsy tonga mivavaka intsony. Mivavàha mba hiverenan'ny fifandraisan'izy ireo sy ny zanany amin'ny laoniny sy mba hiverenan'izy mianakavy mivavaka indray.
- FANGATAHANA HO AN'NY ZANAK'IREO MPIFANOLOBODIRINDRINA/ NAMANA : Mivavàha ho an'ny zanak'ireo olona akaiky anareo. Mety ho tsy mambran'ny fiangonana na mitovy finoana aminareo izy ireny, kanefa tian'Andriamanitra ihany koa ny hanasitrana ny ratram-pony. Mivavàha ho an'ny ankizy na olon-tiana izay tsy mbola nivavahana.
- FANGATAHANA HO AN'IREO IZAY MIJALY NOHO NY FAHAFATESAN'NY ZANANY: Mivavàha ho an'ireo ray aman-dreny izay maty zanaka tao am-piangonana. Mivavàha mba hahatsapan'izy ireo ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanohanana avy amin'ny fianakaviam-ben'ny fiangonana sy ho tia azy ireo. (Azo atao ny mangataka ireo izay maty zanaka mba hanao faribolana eo afovoany ary ny sisa kosa manao faribolana ety ivelany manotrona sy mivavaka ho azy ireo. Mivavàha ho azy ireo eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina).
- FANGATAHANA HO AN'IREO SEKOLINTSIKA : Mivavàha ho an'ireo tanorantsika ao am-piangonana izay mianatra ao amin'ireo sekoly manodidina mba hitomboan'izy ireo eo amin'ny fanandramany miaraka amin'i Kristy. Mivavàha ihany koa ho an'ny fanabeazana kristiana izay

hampitombo ny finoan'izy ireo. Mivavàha mba hananganan'Andriamanitra fihetsehan'ny tanora misionera mba ho voninahiny !

FOTOAM-BAVAKA HO AN'NY FIANAKAVIANA : Ny fianakaviana tsirairay dia tokony hifidy toerana mitokana mba hivavahan'izy ireo.

- FIDERANA ATAON'NY FIANAKAVIANA : Derao Andriamanitra ny amin'ireo zavatra tsara izay nataony ho an'ny fianakavianareo sy ny fomba nitahiany anareo. Aoka ho voafaritra mazava tsara ny fisaorana atao amin'Andriamanitra.
- FIAIKEN-KELOKA ATAON'NY FIANAKAVIANA : Mangatàha amin'Andriamanitra mba hamelany anareo tamin'ireo fomba izay mety nampalahelovanareo ny zanakareo na olona hafa teo amin'ny fianakavianareo tamin'ny alalan'ny teny, ny fihetsika, na ny safidy. Aoka ho voafaritra tsara izany ! (Mangatàha famelan-keloka amin'ny fianakavianareo sy ny zanakareo mba hamelany anareo tamin'izay rehetra nampahatsiahivin'Andriamanitra anareo.)
- Mangatàha amin'Andriamanitra mba hamelany anareo tamin'ny fireharehana, ny fitiavan-tena ary tamin'ny fotoana izay nahatonga anareo ho be fanahiana tamin'ny fiarovanareo ny zonareo izay nanaovanareo an-tsirambina ny fianakavianareo sy ny zavatra nilain'izy ireo.
- Mangatàha amin'Andriamanitra mba hamelany anareo tamin'ny tsy nanehoanareo ny fitiavany sy ny famindrampony (araka izay voasoratra ao amin'ny 1 Kor. 13) tamin'ny ankohonanareo.

FITALAHOANA ATAON'NY FIANAKAVIANA : Mivavàha miaraka ho an'ny « Vavaka sy Teny fikasana izay takiana ho an'ny zanakareo. »

- Mivavàha mba tsy hahasambatra fotsiny ny ankohonanareo, fa koa mba hitomboan'ny fifandraisana feno fitiavana eo aminareo izay hanampy ny hafa ho tonga any amin'ny fanjakan'ny lanitra noho ny fijoroana ho vavolombelona ataonareo.

FANKASITRAHANA ATAON'NY FIANAKAVIANA : Faràno amin'ny fiderana an'Andriamanitra ny amin'izay azony atao sy mbola hataony ho an'ny fianakavianareo noho ny fanoloranareo tena sy fiantorahanareo eo Aminy. Misaora indray an'Andriamanitra noho ny amin'ny fianakavianareo sy ny fahazahoanareo hanampy ny hafa mba hiomana ho any an-danitra. Manapaha hevitra ny amin'ny hanohizanareo mivavaka miaraka sy mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fiainanareo.

FANAMARIHANA : mialoha ny hiverenanareo any am-piangonana , mangatàha ny amin'izay azonareo atao mba hanehoanareo fifankatiavana amin'ny fomba azo tsapain-tanana amin'ny herinandro manaraka rehetra ; miezàha mampihatra izay nozaraina taminareo noho ny herin'Andriamanitra. Manaova drafitra ny amin'ny hanohizanareo ny fiaraha-mivavaka sy ny mba haharetan'izany !

FIVAVAHANA IRAISAN'NY FIANGONANA MANERAN-TANY : Ho fanampin'ny fivavahana ataonareo ho an'ny ankizy ao am-piangonanareo, dia aza adino ihany koa ireto antom-bavaka manaraka ireto izay iraisana amin'ny fiangonana maneran-tany.

- Mivavàha mba hahatonga ny fiangonantsika maneran-tany ho tonga foibem-bavaka, izay hahazoan'ny mambra manao vavaka fanelanelanana ho an'ny fanambadiantsika, ny tokantranontsika, ny zanantsika ary ny firenentsika.
- Mivavàha mba hahatonga ny fiangonantsika ho tonga fialofana ho an'ireo tanora, mba hitiavan'izy ireo manao fanompoam-pivavahana sy mifandray am-po.
- Mivavàha mba hahatonga ny tanorantsika ho babon'ny fitiavan'i Jesosy sy hanao asa fanompoana ho Azy, vokatry ny fifandraisana sy ny fiarahan'izy ireo mandeha Aminy.

- Mivavàha mba hahatonga ny tanorantsika handray andraikitra mavitrika ao am-piangonana sy haneken'izy ireo fa Andriamanitra no niantso azy ireo handray anjara amin'ny MRMA.
- Mivavàha mba hahatonga ny sekolintsika hihazona ireo filamatra ara-Baiboly eo amin'ireo programam-panabeazana ataony sy mampianatra ny fahamarinana ara-Baiboly amin'ny alalan'ny fandaharam-pianarany.
- Mivavàha mba hahatonga ny tanora advantista izay tsy mianatra amin'ny sekoly kristiana hatanjaka ho an'ny Tompo. Mivavàha mba hiarovan'ny Tompo azy ireo amin'ny fandriky ny fahavalo sy mba hahatonga ireo ezaka ataon'i Satana amin'izy ireo tsy hanan-kery.
- Mivavàha mba hahatonga ireo mpitarika ny fiangonana ho tia mitarika sy hikolokolo ireo tanora sy mba hialan'ny fihatsarambelatsihy izay manakivy ny tanora.
- Mivavàha mba hahafantarantsika ny fiomanana tokony ataontsika sy ireo tanorantsika ho amin'ny fihavian'i Jesosy fanindroany.

**Loha-hevitra natao hodinihina sy hosaintsainina mandritra ny andron' ny fifadian-kanina sy fivavahana, Sabata 7 Jolay 2018.**

## FAMPITOMBOANA NY VAVAKA SY NY FINOANA IZAY AFAKA MAMINDRA TENDROMBOHITRA

Nosoratan'i Melody Mason, mpandrindra ny vavaka iraisana ao amin'ny Foibe maneran-tany.

Mbola tsaroako ny fanaintainana hita soritra teo amin'ny mason'i Karine. Tena nalahelo ny fony noho ny amin'ireo zanany mirahalahy izay tsy nahalala ny Tompo. Nivavaka ho azy ireo izy nandritra ny taona maro, kanefa ohatra ny tsy nisy vokany izany. Tamin-dranomaso sy tamim-pitiavana no nanodidinan'ny vondrom-bavaka misy anay ity renim-pianakaviana ity, nitaky ireo teny fikasana avy any an-danitra raha mbola nitalaho tamin'Andriamanitra izahay mba hiditra an-tsehatra sy hihaino ny vavakay.
Nandeha ny fotoana, tamin'ny volana vitsivitsy manaraka, nanao vavaka maro ho an'ny olona samy hafa aho, dia niverina tao an-tsaiko ny mikasika an'i Karine sy ny toe-javatra niainany. Tokony ho efa iray taona taty aoriana, dia niditra tao amin'ny efitrano iray izay nisy vondron'olona nivavaka aho. Nandohalika aho sady nanakipy ny masoko nanaraka ny vavaka nataon'izy ireo. Vavaka maro ahatsapana fangirifiriana no nisandratra avy tao. Nisy ny ranomaso nirotsaka tamin'izany. Dia nisy tanora mirahalahy teo akaikiko izay nivavaka tamin'ny fony tokoa, nitaky ny tenin'Andriamanitra ho an'ireo namany izay tsy mbola voavonjy. Dia niombom-bavaka tamin'izy ireo koa aho.
Rehefa vita ny vavaka, dia nosokafako ny masoko mba hahafantarako ireo niara-nivavaka tamiko izay tena feno risi-po tokoa. Tamin'izay fotoana izay dia nisy vehivavy fantatro endrika niditra ny efitrano. Tsy iza io fa Karine. Dia nanontany ahy izy : « Nihaona tamin'ireo zanako lahy ve ianao ? » « Ireto tovolahy ireto ve ? » hoy aho namaly azy anjoanjo fotsiny. « Eny ! Izy ireo no nivavahantsika herintaona lasa izay. Nihaino sy namaly ny vavaka nataontsika tokoa Andriamanitra. Nanaiky an'i Kristy tokoa izy ireo ! »
Tsy hoe nanaiky an'i Kristy fotsiny izy mirahalahy fa sady nanolo-tena ihany koa mba hanampy ny hafa izay nitovy tamin'izy ireo. (Nanomboka hatreo dia nandray anjara mavitrika teo amin'ny asa fanompoana ho voninahitr'Andriamanitra izy ireo. Ny iray aza moa dia tonga pasitora mihitsy). Tena Andriamanitra mahay manao zavatra na dia izay tsy azo tanterahina tokoa aza ilay Andriamanitra izay tompointsika. Tsy misy izay tsy hainy sy tsy fantany. Ny tsy fahampian'ny finoantsika sy ny faharetantsika no misakana Azy tsy hanao zavatra.
Toy izao no nosoratan'i Ellen White : « Nanontany ny anjely aho ny antony izay mahatonga ny tsy fisian'ny finoana sy ny hery (ao amin'ny Fiangonana Advantista). Toy izao no navaliny : 'Navotsotrareo haingana loatra ny sandrin'ny Tompo. Hamafiso ny fangatahanareo eo amin'ny seza fiandrianan'ny Tompo ary mijoroa amin'ny finoana matanjaka. Azo antoka ny teny fikasany. Minoa fa efa azonareo izay nangatahinareo ary dia ho azonareo izany. Rehefa avy eo dia naseho ahy ny momba an'i Elia. Izy dia nanana fahalemena tahaka antsika, kanefa dia nivavaka tamin-kafanam-po. Ny finoany dia nahajoro teo anatrehan'ny fitsapana. Im-pito izy no nivavaka tamin'i Tompo, ary tamin'ny farany dia hita ny rahona. Naseho ahy fa nisalasala tamin'ny teny fikasana azo antoka isika, ary nandratra ny Mpamonjy tamin'ny tsy fahampian'ny finoantsika. » (Early Writings, p. 73).
Amin'ny fomba ahoana no ahazoantsika mampitombo ny finoantsika ? Mino aho fa ny tsiambaratelo dia ny fanekena ny fahalehibeazan'Ilay Andriamanitra izay tompointsika ! Rehefa nanomboka ny diaben'ny finoany Abrahama, tsy nahafantatra izay toerana alehany sy nanontany tena raha toa ka mety hahazo zanaka lahy, Andriamanitra dia nitondra azy tany ivelan'ny lay tamin'ny alina sady nanontany azy raha toa izy ka afaka manisa ny isan'ny kintana, « Dia nitondra azy nivoaka teo ivelan'ny lay Izy ka nanao hoe: Jereo ange ny lanitra, ka isao ny kintana, raha mahisa azy ianao. Dia hoy Izy taminy: Ho tahaka izany ny taranakao." (Gen. 15:5).

Nanatokatoka ny lohany fotsiny no nataon’i Abrahama sady gaga no natahotra, tahaka antsika amin’izao vaninandro izao. Ny Salamo 147:4 dia milaza mikasika an’Andriamanitra: “Milaza ny isan'ny kintana Izy: Samy tononiny amin'ny anarany ireny rehetra ireny.”
Tamin’i Abrahama mbola tsy nahatakatra ny teny fikasan’Andriamanitra, dia nino ny tenin’Andriamanitra izy. Inona no vokatr’izany? Toy izao no ambaran’ny Soratra Masina amintsika: “Koa dia avy tamin'ny anankiray, izay efa toy ny maty, no nihavian'ny maro toy ny kintana eny amin'ny lanitra sy toy ny fasika eny amoron-dranomasina, izay tsy hita isa. (Heb. 11:12). Mahagaga anefa fa amin’izao vanim-potoana izao izao dia mbola manatanteraka ny teny fikasany amin’i Abrahama Andriamanitra.
Rehefa manomboka mahatakatra ny fahatsaran’Ilay Andriamanitra izay tompointsika isika, dia tokony ho afaka manao hiaka tahaka izay nataon’i Davida mpanjaka manao hoe: “Raha jereko ny lanitrao, izay asan'ny rantsan-tananao, sy ny volana aman-kintana, izay noforoninao, inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? Ary ny zanak'olombelona, no amangianao azy?” Toy izao no fomba hafa mety hilazantsika izany: Inona moa ny reny, inona moa ny ray, no ahatsiarovanao azy ireo sy ny vavaka ataon’izy ireo ho an’ny zanany? Inona moa ny zanaka no ahatsiarovanao anay sy ny vavaka malemy sy osa ataonay amin’ny maha-ray aman-dreny sy olona tia anay?”
Sarotra ny fahatakarana sy fahafantarana fa Andriamanitra izay namelatra ny lanitra noho ny heriny lehibe, dia mahatsiaro antsika. Tsy hoe mahatsiaro antsika fotsiny Izy, fa Izy koa no nahary antsika sy nanome andraikitra antsika tamin’ny fiantsoana masina nataony tamintsika! Natao ho mpiara-miasa aminy isika! Tsy natao ho fahazavana ho an’ny jentilisa fotsiny isika fa natao koa mba hameno ny banga hisolo toerana ny jamba sy ny kilemaina. Natao isika mba hanafaka ireo izay voagadra ao amin’ny maizina (Isaia 42:5-7).
Mampalahelo fa matetika dia ireo zanantsika no voagadra ao amin’ny maizina; ireo izay tiantsika no very lalana. Na dia izany aza, dia tsy misy izany hoe fahamaizinana tena lalina izany, tsy misy olana lehibe loatra ka tsy hain’Andriamanitra hidirana an-tsehatra sy vahany. Ny tena marina dia izao, rehefa tonga eo amin’ny fotoana izay tsy ahazoantsika manao na inona na inona isika, dia eo indrindra no manomboka ny fahagagana ataon’Andriamanitra.
Mihevitra aho fa tsy misy na inona na inona ahazoana manome voninahitra an’Andriamamanitra afa-tsy ny fananantsika finoana amin’ny famitana ny asany, finoana izay mahita lavitra mihoatra noho ny fahafahantsika manao zavatra sy mifikitra amin’Ilay Loharano tsy hita lany. Voambara fa tsy misy zavatra mafy loatra Aminy (Jeremia 32:17). Izao no lazain’ny tsindrimandry: “Tsy misy fetra ny herin’ny fibaikoan’Andriamanitra.” (Gospel Workers, 1915, p. 60).
Tsy misy fetra? Takantsika ve ny dikan’izany? Raha miresaka momba an’Andriamanitra isika, dia tsy ny lanitra no fetra; tsy ny tontolo rehetra noharian’Andriamanitra ihany koa no fetra. Tsy misy fetrany izany - afa-tsy ny fetran’ny finoantsika angamba!
“Kely dia kely ny finoana ananantsika. Isika no mametra Ilay Iray Masin’ny Isiraely. Tokony ho feno fankasitrahana isika tamin’ny fietren’Andriamanitra nampiasa antsika ho toy ny fitaovana eo am-pelatanany. Ny vavaka matotra tsirairay izay natao tamim-pinoana, dia hisy valiny. Mety tsy ho tonga araka ny nandrasantsika izany, kanefa dia ho avy – angamba tsy ho araka izay efa novinavinaintsika, fa kosa tanteraka amin’ny fotoana ilantsika izany indrindra.” (Testimonies for the Church, vol. 3, p. 209).
Raha tena mahatsapa isika fa tena lehibe Andriamanitra, dia tokony ho nanana finoana bebe kokoa isika handroso hatrany eo amin’ny fanaovana ny asany. Tokony ho nanana finoana bebe kokoa isika rehefa mivavaka ho an’ireo izay tiantsika sy ny zanantsika. Saintsaino anie ireto hevitra maromaro azo avy amin’ny tsindrimandry ireto e:

“Ny fivavahana sy ny finoana dia hahavita zavatra izay tsy vitan’ny fahefana na iza na iza eto an-tany.” (Ministry of Healing, p. 509).

“Ny Tompo dia hihaino ny fivavahana ataontsika raha toa ka mivavaka ho amin’ny fiovam-pon’ny fanahy isika (tafiditra ao anatin’izany ny zanantsika).” (Messages to Youn People, p. 315).

« Tsy misy na inona na inona hotazonina ho an’ny fanahy izay mahatsapa ny fanampiana avy Aminy. Afaka mifandray Aminy foana ny fanahy izay hitoeran’ny fahafenoany. » (The Desire of Ages, p. 300).

« Tsy ny fahafaha-manao izay anananao ankehitriny na izay mbola ho azonao no hitondra fahombiazana ho anao, fa izay azon'ny Tompo hatao ho anao. » (Christ's Object Lessons, p. 146).

"Ny fandresena lehibe izay azon'ny fiangonan'i Kristy na ny kristiana tsirairay dia tsy izay azo avy amin'ny talenta na ny fanabeazana azo, na ny harena sy ny sitraka avy amin'ny olona. Ireo fandresena ireo dia azo tamin'ny alalan'ny efitrano fihaonana tamin' Andriamanitra, rehefa ny sandry mahery feno hery no ianteheran'ny finoana matotra."(Patriarchs and Prophets, p. 203).

"Ho valin'ny vavaka mafana, Andriamanitra dia afaka manova ny fisainana sy ny fon'ny olona tahaka ny nanovany ny ranomasina." (Review and Herald, Dec. 30, 1902).

"Ny ady atao dia tsy ady amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny "fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra' (Efes. 6:12). Tsy maintsy miady amin'ny hery ivelan'ny herin'olombelona izy ireo, kanefa dia omena toky izy ireo fa hisy hery ivelan'ny herin'olombelona izay hanampy azy ireo. Ny fahiratan-tsain'ny lanitra rehetra dia ao amin'ity tafika ity.  Ary hisy anjely marobe hanatevina ny laharana. Ny Fanahy Masina, izay solontenan'Ilay Kapiteny Tompon'ny Tompo, dia hidina hitarika ny ady. Mety ho betsaka ny fahalementsika, ny fahotana sy ny fahadisoana vitantsika miavosa, kanefa ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho an'izay rehetra mitady Azy amin'ny fo torotoro. Ny herin'ny Tsitoha dia omena ireo izay mitoky amin'Andriamanitra. » (The Desire of Ages, p. 352).

Tsy ho voatanisa eto avokoa ireo teny fikasana nomen'Andriamanitra.

Enga anie isika tsy ho reraka sy ho kivy. Aoka isika tsy hiala amin'Ilay sandry maherin'ny Tompo feno hery ! Raha mbola velona koa isika dia misy ny fanantenana. Azony atao ny mamerina ilay zanaka adala ao an-trano indray. Azony atao ny mamerina ao an-trano indray ireo olona tiana. Mety tsy hahafantatra ny toerana misy azy ireo zanantsika sy ireo olona tiantsika, mety tsy hahatsapa ny filan'izy ireo fanampiana angamba izy ireo. Kanefa tahaka izay nataon'i Jesosy tamin'ny andron'ny Baiboly tamin'ny namaliany ny vavaka nataon'ireo ray aman-dreny sy ny fianakaviana, dia mbola manatanteraka izany koa Izy ankehitriny.

Toy izao no voasoratra ao amin'ny Matio 18:19 : « Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. » Ho valin'izany teny fikasana izany, dia toy izao no nosoratan'i Ellen White : « Teny fikasana sarobidy ! Mino izany ve isika ? Hanao ahoana ny vokatra mahatalanjona hiseho raha toa ka ny vavaka iombonana ataon'ity vondrona ity tafapaka any amin'Andriamanitra amin'ny finoana velona ! Efa vonona sahady i Jesosy mba handray ireo fitarainantsika sy haneho izany eo anatrehan'ny Rainy, miteny hoe, 'Fantatro amin'ny anarany ireo olona ireo. Valio ny vavaka ataon'izy ireo, satria efa nataoko tombon-kavatsa teo amin'ny tanako ny anaran'izy ireo.' » (Historical Sketches of the Foreign Missions of the Seventh-day Adventists, p. 152).

Aoka hotohizantsika hatrany ny fivavahana mandohalika, mitaky ny teny fikasana ao amin'ny tenin'Andriamanitra amim-pinoana. Tsy misy zavatra lehibe loatra amin'Andriamanitra. Ary raha mivavaka amim-pinoana isika, dia azony atao ny mamindra tendrombohitra, eny fa na dia ny tendrombohitry ny fo miridiridy aza.

**Fomba dimy fampirisihina ny tanora handray anjara amin'ny MRMA**
Nosoratan'i Ted N.C. Wilson

1. Ampirisiho ny tanora mba hampitombo ny fifandraisany isam-batan'olona amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny famakiana ny Teniny isan'andro, ny fanokanana fotoana ivavahana, ary ny fandraisana anjara mavitrika eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fitoriana ny Filazantsara. Asehoy amin'ny alalan'ny ohatra omenareo ny finoana marina, ny fivavahana kristiana tena izy ary ny maha-mpianatra rehefa ampian'ny herin'ny Fanahy Masina.
   Ampirisiho izy ireo mba hikatsaka idealy ambony kokoa ho voninahitr'Andriamanitra. Fohy ny fotoana. Aoka havelantsika ny fihatsaram-belatsihy ara-panahy. Ny tanora dia maniry hahita fivavahana kristiana tena izy iainana isan'andro. Maniry izy ireo ny hahafantatra fa Ilay Andriamanitra izay tompointsika dia tena zava-misy, sady afaka manao mihoatra lavitra noho izay angatahintsika sy eritreretintsika.
2. Ampirisiho ny tanora mba hampiasa ny fahaiza-mamorona ananany eo amin'ny fanarahana ny foto-kevitra ara-Baiboly amin'ny fitadiavan'izy ireo fomba samihafa mba hahatonga azy ireo handray anjara amin'ny MRMA. Toy izao no  nosoratan'i Ellen White, « Aoka isika tsy hanana fahatsapana fanelingelenana na dia kely akory aza fa ny Tompo dia nanangana ny tanora mba hitondra sy hizaka ny enta-mavesatra sy hanambara ny hafatry ny fahamarinana. » (Letter 14, Dec. 11, 1891). Midadasika ny asa manoloana antsika, ary tsy ho vitan'ireo mpitarika fiangonana irery izany. Tsy maintsy mandray anjara ny rehetra : Mpitarika, mambra laika, antitra sy tanora… indrindra fa ny tanora !
   Tadidio fa ny tanora dia tsy voafetran'ireo sakantsakana izay hitantsika amin'ny maha-olon-dehibe antsika matetika. Noho izany, dia manana nofinofy goavana sy mivavaka be ary manao drafitra lehibe izy ireo ! Ilaintsika ny hery, ny hafanam-po ary ny fitiavana izay ananan'ireo tanorantsika amin'ny fizarana ny filazantsara mandrakizay araka izay hita ao amin'ny hafatry ny anjely telo. Rehefa izany dia hiely patrana manerana izao tontolo izao ny fifohazana sy fanavaozana, ary dia ho avy i Jesosy amin'ny farany.
3. Ilaintsika ny mitarika sy manoro hevitra ireo tanorantsika kanefa aoka isika tsy hiezaka hifehy azy ireo be loatra na hihazona azy ireo tsy handroso noho ny hafanam-pony amin'ny fitoriana ny filazantsara - raha mbola mifanaraka amin'izay voalazan'ny Baiboly ny zavatra ataony sady mamokatra izy ireo amin'izany (Mat. 7:17 ; Isa. 8:20 ; 1 Tes. 5:21 ; Fil. 4:8). Omeo fahalalahana hiasa sy hampitambatra ny heriny amin'ny hafa izy ireo mba ho voninahitr'Andriamanitra. Tohano sy ampaherezo izy ireo eo amin'ny ezaka izay ataony. Asan'Andriamanitra io. Lehibe lavitra mihoatra noho isika ! Lehibe lavitra mihoatra noho ny fiangonantsika. Ary raha tena asan'Andriamanitra tokoa no ataon'izy ireo, dia Izy no hiahy izany. Raha manakaiky ny farany isika, ny Fanahin'Andriamanitra no hifehy sy hitantantana ny fandehan-javatra rehetra. Ny marina dia hampiasa fomba tsotra izay tsy noeritreretintsika akory Izy amin'ny fanatanterahana ny fikasany lehibe. Toy izao no nosoratan'i Ellen White : « Andriamanitra dia hampiasa fomba maro sy fitaovana maro ka amin'ny alalan'izy ireny dia ho hita fa ny fanapahana dia eo am-pelatanany. Ho gaga ireo mpiasa noho ireo fitaovana tsotra izay hampiasainy sy ny vokatry asan'ny fahamarinany tonga lafatra. » (Testimonies to Ministers and Gospel Workers, p. 300). Noho izany, dia aza hakiviana ireo tanora eo am-panaovana zava-dehibe ho an'Andriamanitra !
4. Mitadiava fomba mahomby mba hampahery ny tanora hirotsaka ho amin'ny asa sy hitarika. Mitadiava fomba maro mba hanomezana azy ireo andraikitra bebe kokoa eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, eo amin'ny fitarihana hanao asa fitoriana sy fitorian-teny, ary amin'ny fampitambarana izany amin'ny fanohanan'ireo tanora hafa amin'ny fizarana ilay iraka lehibe. Ampirisiho izy ireo rehefa mizara ho vondrom-bavaka, mba hitarika ny fianarana ny Baiboly, sy hiasa amin'ny fizarana ny vaovao mahafaly. Toy izao no ambaran'ny tsindrimandry amintsika : « Ataovy izay ahatsapan'ny tanora fa misy zavatra izay andrasana amin'izy ireo. Nifidy azy ireo ny Tompo satria mahery izy

ireo. » (Gospel Workers, p. 279). Tena manambany ny zavatra mety ho vitan'ny tanora manolo-tena sy manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ho voninahitr'Andriamanitra isika.

5. Farany, mivavaha miaraka amin'ny tanoranareo ary ampirisiho izy ireo mba hifampivavaka sy hivavaka ho an'ny fiangonany koa. Ampirisiho izy ireo mba hivavaka ny hiverenan'ireo izay nandao ny fiangonana hiverina hivavaka indray, mba hahitan'ireo tsy mpino ny fahamarinana, sy mba hahatonga ny hafatry ny anjely telo handroso amin-kery, hanokatra varavarana ho an'ny firotsahan'ny ranonorana farany. Aoka samy handray anjara ny mambra tsirairay avy, ny lehibe tsirairay avy ary ny tanora tsirairay avy. Izany no atao hoe MRMA ! Ho avy tsy ho ela ny Tompo ! « Miaraka amin'ny tafiky ny mpiasa toy izany, ireo tanorantsika izay efa nampiofanina tsara, dia afaka mizara ao anatin'ny fotoana fohy, ny hafatra mikasika ny Mpamonjy voahombo, nitsangana tamin'ny maty ary ho avy indray manerana izao tontolo izao. » (*Education*, p. 271).

Tsidiho ny tranon-kalam-pifandraisana www.tmi.adventist.org raha te-handalina misimisy kokoa mikasika ny MRMA ianareo.

Ny fitsipi-pifehezan'ny fifadian-kanina

Nosoratan'i Derek Morris

A. Ny fifadian-kanina ao amin'ny Soratra Masina

a. Ny karazana fifadian-kanina

i. Fifadian-kanina mahazatra—Lio. 4:1,2.

ii. Fifadian-kanina amin'ny ampahany—Daniela 10:3.

iii. Fifadian-kanina tanteraka—Estera 4:16 ; Asa. 9:9.

iv. Fifadian-kanina miaraka amin'ny hery mihoatra ny natiora « Supernaturel »—Deotoronomia 9:9.

b. Ny fifadian-kanina sy ny fampianaran'i Jesosy

i. Diniho ny Matio 6:16-18 sy ny Matio 9:14, 15.

ii. Inona no zavatra azontsika ianarana mikasika ny fifadian-kanina araka ny fampianaran'i Jesosy ?

B. Inona no nambaran'i Ellen White mikasika ny fifadian-kanina ?

a. « Ny fifadian-kanina izay andidian'ny tenin'Andriamanitra dia mihoatra noho ny endrika ivelany fotsiny. Tsy resaka tsy fihinanana sakafo fotsiny izany, na firakofana lamba fisaonana, na famafazana lavenona eo amin'ny loha. Izay mifady hanina dia tokony hanao izany vokatry ny alahelo marina noho ny fahotana sady tsy tokony ho fantatra ety ivelany izany. Ny anton'ny fifadian-kanina izay iantsoan'Andriamanitra antsika mba hotandremantsika dia tsy ny hampijaly ny vatantsika noho ny fahotan'ny fanahy, fa kosa ny hanampy antsika mba hahita ny faharatsian'ny fahotana, amin'ny fampileferantsika ny fontsika eo anatrehan' Andriamanitra sy ny handraisantsika ny fahasoavany mamela heloka. » (Thoughts from the Mount of Blessing, p. 87).

b. "Ny tena fifadian-kanina marina izay tokony ampirisihina ny rehetra, dia ny tsy fihinanana ireo sakafo manaitaitra sy fampiasana araka ny tokony ho izy ireo sakafo tsotra sy mahasalamana izay nomen'Andriamanitra tamin'ny fahabetsahany. Ny olona dia tokony hampihena ny fieritreretany ny amin'izay tokony hohaniny sy hosotroiny mikasika ireo sakafo izay mandalo ihany, fa kosa tokony hieritreritra lalina ny amin'ny sakafo avy any an-danitra izay hanome hery sy fahavelomana ho an'ny fanandramany ara-panahy amin'ny fahafenoany." (Counsels on Diet and Foods, p. 188).

d. « Manomboka izao ka hatramin'ny faran'ny zavatra rehetra, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy hahatoky ny fahendren'ny tenany, fa kosa hiantehitra amin'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy tena ilaina ny fifadian-kanina tanteraka, fa kosa tokony hihinana kely amin'ireo sakafo tsotra. » (Counsels on Diet and Food, pp. 188, 189).

e. « Ho an'ny zavatra sasantsasany, dia mety ary ampirisihina ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. Izy ireo dia fitaovana eo am-pelatanan'Andriamanitra mba hanadiovana ny fo sy mba hahatonga ny saina handray tsara izay lazaina aminy. Mahazo valim-bavaka isika satria nanetry ny fanahintsika teo anatrehan'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and Foods, pp. 187, 188).

f. « Ny tena toe-tsain'ny fifadian-kanina marina sy fivavahana dia ny toe-tsaina izay manolotra ny saina sy ny fo ary ny sitrapo ho an'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and Foods, p. 189).

g. « Ny fifadian-kanina rehetra eto amin'izao tontolo izao dia tsy mahasolo ny fahatokiana tsotra ny tenin'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and Foods, p. 189).

D. Ny tanjona kendren'ny fifadian-kanina ara-panahy

a. Manampy antsika hifantoka bebe kokoa amin'Andriamanitra.
b. Mitaona antsika hivavaka.
d. Mampihanjahanja ireo zavatra samihafa mifehy ny fiainantsika.

E. Amin'ny fomba ahoana no tokony hifadiantsika hanina ?

a. Manaova drafitra tsy hifady hanina tanteraka ao anatin'ny 24 ora.
b. Mihinàna sakafo tena tsotra amin'ny fatra kely, na koa tsy misotro afa-tsy ranom-boankazo.
d. Misotroa rano betsaka.
e. Atombohy amin'ny fivavahana ny fifadian-kanina rehefa avy nihinana sakafo maraina mahasalama. Ny ampitso maraina dia tapaho amin'ny fihinanana sakafo maivana (voankazo fotsiny) ny fifadian-kanina ; rehefa avy eo dia manokàna fotoana manokana hanaovana fiderana sy fankasitrahana an'Andriamanitra. Tsy tokony hataonareo mahoraka fa hifady hanina ianareo. Ny fanaovana izany dia mitarika fireharehana ara-panahy ka mety tsy hahazoanareo ireo fitahiana ara-panahy izay nokasain'Andriamanitra omena amin'io fotoana io.
f. Manokàna andro iray isan-kerinandro hanaovanareo fifadian-kanina.

F. Manaova drafitra hifadiana hanina tsy mihinana na inona na inona na mihinana amin'ny ampahany amin'ny fotoana tena ilànareo fanampiana na vonjy.

a. Amin'ny fotoan-tsarotra, dia mety hitaona anareo hifady hanina tanteraka na amin'ny ampahany Andriamanitra.
b. Tsy maintsy feranareo ny hetsika ataonareo mandritra ny fotoanan'ny fifadian-kanina. (Azonareo atao ny manatona ny mpitsabonareo raha toa ianareo manana ahiahy fa mety hisy fiantraikany eo amin'ny fahasalamanareo ny fifadian-kanina.)

G. Aoka tsy hanana toe-tsaina mpandray an-tendrony- tsy misy fahamendrehana azo avy amin'ny fanaovana fifadian-kanina toy ny manao hazakazaka lavitr'ezaka.

Toy izao no nambaran'i Ellen White : « Tsy nantsoina mba hifady hanina mandritra ny efapolo andro ianareo. Ny Tompo no mizaka ny fifadian-kanina any an'efitry ny fakam-panahy. Tsy misy fahamendrehana manokana azo avy amin'ny fifadian-kanina toy izany ; fa ao amin'ny ràn'i Kristy ihany no misy ny fahamendrehana. » (Counsels on Diet and Foods, p. 189).

Dr. Derek Morris dia filohan'ny televiziona "Hope Channel" sady mpiandraikitra ny "Hope Sabbath School TV program."

Vavaka sy teny fikasana natao hotakiana ho an'ireo zanantsika

Midera Anao aho Tompo ô, noho ny hatsaran'ny fieritreretanao momba anay. Tianao ny hanome ho avy mamirapiratra sy fanantenana ho an'ireo zanako. Midera Anao aho noho ny fihainoanao ny vavaka izay ataoko ho azy ireo.

"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. Ary hiantso Ahy ianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho." (Jeremia 29:11, 12).

Midera Anao aho Tompo ô, noho ny fampanantenanao fa hampianatra azy ireo ianao. Nampanantena Ianao fa hanome azy ireo izay zavatra tsy azoko omena. Nampanantena ihany koa Ianao fa hanome azy ireo fiadanana!

"Ary ny zanakao rehetra dia ho samy efa nampianarin'i Jehovah, ka dia ho be ny fiadanan'ny zanakao." (Isaia 54:13).

Midera Anao aho Tompo ô, fa hampianatra ny zanako ny dikan'ny hoe mandeha amin'ny fahamarinana Ianao, satria Ianao no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Ho Anao irery ihany anie ny lova sy ny valisoa satria Anao izany.

"Tsy manana fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako." (3 Jaona 4).

"Indro, lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro; Tamby ny ateraky ny kibo." (Salamo 127:3).

Midera Anao aho Tompo ô satria afaka miasa ao amin'ny fo Ianao. Azonao atao ny mampitodika ny fon'ireo zanako ho any Aminao.

"Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy." (Jeremia 24:7).

"Ho valin'ny vavaka mafana izay natao, dia azon'Andriamanitra atao ny manova ny eritreritra sy ny fon'ny olona (na ny ankizy koa aza) tahaka ny nanovany ny ranomasina." (*Review and Herald*, Dec. 30, 1902).

Midera Anao aho Tompo ô satria na dia tsy hitanay mivantana aza ny vokatra, ny ranomasonay sy ny vavaka nataonay dia mahatonga fahasamihafana. Misaotra Anao noho ny fampanantenanao fa hanisy fefy manodidina ireo zanakay Ianao.

"Misy takalony ny fitondrana ny zanaka eo amin'ny lalan'Andriamanitra. Ny ranomason'ny reny sy ny vavaka ataon'ny ray izany takalo izany. Mitaky ezaka tsy mitsahatra, fampianarana am-paharetana, kely ety ary kely ery izany. Kanefa dia hitera-bokatsoa ny asa toy izany. Azon'ny ray aman-dreny atao noho izany ny manangana fefy fiarovana mba hiaro azy ireo amin'ny ratsy izay manafotra ity izao tontolo izao ity." (*Child Guidance*, p. 479).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fihainoanao ny vavaka nataonay ho an'ireo zanakay sy ny hiadianao ho amin'ny famonjena azy ireo. Midera Anao aho noho ny hamonjenao azy ireo!

"Nefa izao no lazain'i Jehovah: Na dia ny sambotry ny mahery aza dia halaina ihany, ary ho afaka ny babon'ny mpandrombaka; fa Izaho no hiady amin'izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao." (Isaia 49:25).

Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny fampanantenanao fa hamonjy ny zanak'ireo sahirana Ianao. Tena mila fanampiana izahay, Ray ô. Mitady handrombaka ny zanakay ny fahavalo, ary mampiasa fomba marobe izy amin'izany; miandrandra Anao izahay mba handrava ny herin'ilay mpampahory.

"Hitsara ny olona ory izy sy hamonjy ny zanaky ny mahantra ary hanorotoro ny mpampahory." (Salamo 72:4).

Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny renin'i Md Augustin.

"Nivavaka mba hiovan'ny zanany fo ny renin'i Augustin.Tsy nahita porofon'ny fiasan'ny Fanahy Masina teo amin'ny zanany izy; na dia izany aza anefa dia tsy kivy izy. Napetrany teo amin'ny andalan-tSoratra Masina ny ratsan-tanany, sady nambarany tamin'Andriamanitra izay voarakitra ao amin'ny Teniny, sady nitalaho taminy izy, izay no azony natao amin'ny maha-reny azy. Dia nomen'ny Tompo azy izay nirin'ny fony noho ny fanetren-tena lalina nananany, noho ny hataka matotra nataony, ary noho ny finoana tsy azo nohozongozonina tao aminy. Ankehitriny dia mbola mihaino ny fangatahana ataon'ny vahoakany Andriamanitra. 'Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare.' (Isaia 59:1); raha tena mitady Azy amin'ny fony manontolo ny ray aman-dreny kristianina, dia Izy no hametraka ny teny rehetra eo am-bavany, ary noho ny anarany dia hiasa amin'ny fomba mahery vaika ho an'ny fiovam-pon'ireo zanany Izy." (*Christian Education*, pp. 236, 237).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fampanantenanao fa hamerina ny zanakay avy any tanin'ny fahavalo Ianao. Nampanantena Ianao fa hamerina azy ireny ao an-trano indray. Mifikitra amin'izany teny fikasana izany aho ary miandry Anao mba hanatanteraka izany!

"Izao no lazain'i Jehovah: Atsaharo ny fitomanianao sy ny fandatsahanao ranomaso; Fa hisy valiny tokoa ny ataonao, hoy Jehovah, ary hody avy any amin'ny tanin'ny fahavalo ireny. Ary misy fanantenana ho anao any amparany, hoy Jehovah; Fa ny zaza dia hiverina ho any amin'ny taniny indray." (Jeremia 31:16, 17).

Midera Anao aho Tompo ô, fa na dia efa nanalavitra Anao aza ny zanakay, dia azonao atao indray ny mamerina azy ireo ao an-trano avy any avaratra, atsimo, atsinanana ary andrefana. Mino izay voalazan'ny Teninao aho!

"Aza matahotra, fa momba anao Aho; Hitondra ny taranakao avy any atsinanana Aho, ary avy any andrefana no hanangonako anao; Ny avaratra hilazako hoe: Avoahy, ary ny atsimo hoe: Aza

hazonina; Alao ny zanako-lahy avy lavitra sy ny zanako-vavy avy any amin'ny faran'ny tany." (Isaia 43:5, 6).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fitiavanao izay misarika anay. Ary ianao dia efa nanao drafitra sahady ny amin'ny hamerenana ny zanako ao Aminao. Ampianaro aho mba ho tia tahaka Anao!

"Ny fitiavan'Andriamanitra dia mbola tia foana ireo izay nisafidy ny hisaraka Aminy, ary Izy dia miasa amin'ny alalan'ny hery miasa mangina mba hamerenana azy indray ho ao an-tranon'ny Ray. Voalaza fa ilay zanaka adala niaraka tamin'ny faharatsiany rehetra dia 'nody ny sainy.' Tapaka ilay hery mamitaka izay nitazonan'i Satana azy… Teo amin'ny toerana mahonena teo amin'ny toerana nisy azy, dia nisy tsirim-panantenana vokatry ny faharesen-dahatra noho ny fitiavan'ny rainy tao amin'ilay zanaka adala. Izany fitiavana izany no nisarika azy hody any an-trano indray." ( A Call to Stand Apart, p. 112).

Midera Anao aho Tompo ô ny amin'ny fampanantenanao anay fa hanasitrana anay Ianao. Mila fanasitranana aho. Mila fanasitranana ny zanako. Tariho ho eo amin'ny lalan'ny fanasitranana sy fiadanana izahay.

"Efa nahita ny lalany Aho, nefa hahasitrana azy ihany, dia hitari-dalana azy Aho ka hampody ny fiononana ho aminy sy ho amin'ny malahelo ao aminy, Dia Izaho Izay mahary ny vokatry ny molotra: Fiadanana, fiadanana ho an'izay lavitra sy ho an'izay akaiky! hoy Jehovah, ka dia hahasitrana azy Aho." (Isaia 57:18, 19).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fampanantenanao anay fa hanome anay ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana ianao mba hahalalanay Anao bebe kokoa. Mitaky izany teny fikasana izany ho an'ny zanako aho. Mba ho fantatr'izy ireo ny fanantenana ny amin'ny fiantsoanao. Mba hanandrana ny haren'ny fahasoavanao anie izy ireo. Mba hahafantatra Anao anie izy ireo!

"…mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, …" (Efes. 1:17-19).

Midera Anao aho Tompo ô fa Ianao dia manome ahy sy ny zanako izay ilainay mandrakariva. Ampio ireo zanako mba hahafantatra fa tsy mamela na manadino azy ireo mandrakariva Ianao. Ampio izy ireo mba hahafantatra fa Ianao no manome azy ireo mofo isan'andro!

"Efa mba tanora ihany aho, ary efa antitra ankehitriny; Fa tsy mbola hitako izay marina nafoy na ny zanany mangataka hanina." (Salamo 37:25).

Midera Anao aho Tompo ô tamin'ny fampanantenanao ny Fanahy Masina sy ireo teny fikasana izay napetrakao ao am-bavako ho an'ny taranako sy ny fara mandimbiko. Mifikitra amin'izany teny fikasana izany aho!

“Raha Izaho, dia izao no fanekeko aminy, hoy Jehovah: Ny Fanahiko Izay ao aminao sy ny teniko izay nataoko teo am-bavanao dia tsy hiala amin'ny vavanao, na amin'ny vavan'ny taranakao, na amin'ny vavan'ny taranaky ny taranakao, hatramin'izao ka ho mandrakizay, hoy Jehovah.” (Isaia 59:21).

Midera Anao aho Tompo ô fa miady ho ahy sy ho an’ny zanako Ianao. Ampianaro anay ny dikan’ny hoe miandry am-piadanana. Afaho amin’ireo fakam-panahin’ny Egypta izahay sy ireo ratsy izay mitady handresy anay. Tapaho ny fatoran’ny fahotana nolovanay tamin’ny taranaka mifandimby izay mamatotra anay!

“Ary hoy Mosesy tamin'ny olona: Aza matahotra ianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen'i Jehovah, izay hataony ho anareo anio; fa ny Egyptiana, izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay. Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina.” (Eks. 14:13, 14).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny hampodianao amin’ny laoniny indray ireo taona nohanin’ny valala. Mitalaho Aminao aho mba hanaovanao asa lehibe eo amin’ny fiainan’ny zanako, sy ny handrotsahanao ny Fanahinao amin’izy ireo amin’ny andro ho avy araka ny teny fikasanao!

“Ary honerako ho anareo ilay taona nohanin'ny valala, dia ny koraika sy ny sompanga ary ny kijeja, izay miaramilako betsaka nalefako hamely anareo.” (Joela 2:25).

“Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana; …” (Joela 3:1).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fihainoanao ny fitarainako. Hitanao ny ady ara-panahy izay atrehanay miaraka amin’ny zanakay, kanefa nampanantena Ianao fa hanafaka Anay. Nampanantena Ianao fa hanome anay izay ilainay ho amin’ny fandresena. Mifikitra Aminao sy ny fahamarinan’ny Teninao aho!

“Manana asa sy andraikitra lehibe hatao ny ray aman-dreny, ary mety manontany tena izy ireo manao hoe: ‘Iza no antonona izany zavatra izany?’ Andriamanitra anefa dia efa nampanantena fa hanome fahendrena ho an’ireo izay mangataka izany amim-pinoana, ary dia Izy no hanatanteraka izay nolazainy fa tokony hataony. Mahafaly Azy ny finoana izay mitaky Aminy ny Teniny.” (Testimonies for the Church, vol. 5, p. 322).

Midera Anao aho Tompo ô tamin’ny fampanantenanao fa rehefa manazatra ny zanakay amin’izay lalana tokony alehany izahay, raha eo an-dalam-pitomboana izy ireo, dia tsy hiala amin’izany fampianarana izany izy ireo.

“Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany.” (Ohabolana 22:6).

Midera Anao aho Tompo ô noho ny fihainoanao ny enta-mavesatra ao am-pon’ity reny ity, ary na inona na inona toe-javatra tsy maintsy atrehiko, dia Ianao no namana sy sakaiza mahatoky ho

ahy.”

“Fantany ny enta-mavesatra ao am-pon’ny reny rehetra sy ny tena sakaizan’izy ireo amin’ny vonjy taitra rehetra. Ny tanany mandrakizay dia manohana ireo reny izay matahotra sy mahatoky an’Andriamanitra.” (Adventist Home, p. 204).

“Tsy takatry ny saina eritreretina ny herin’ny vavaka ataon’ny reny. Ilay reny izay nandohalika niaraka tamin’ny zanany lahy sy ny zanany vavy hatramin’ny fahakeliny, nanditra ireo loza nananontanona azy ireo tamin’ny fahatanorany, dia tsy hahafantatra na oviana na oviana hatramin’ny fotoanan’ny fitsarana ny hery miasa mangina vokatry ny vavaka nataony teo amin’ny fiainan’ireo zanany.” (Adventist Home, p. 266).

Midera Anao aho Tompo ô fa tahaka ny namalianao ny fitarainana nataon’ny ray anankiray ao amin’ny Baiboly, dia mbola mihaino ny vavaka ataon’ny ray ihany koa ianao ankehitriny. Misaotra Anao amin’ny famonjenao ny zanakay! Misaotra noho ny amin’ny Fanahinao!

“Hoy ilay tandapa taminy: Tompoko, midina re, dieny tsy mbola maty ny zanako. Hoy Jesosy taminy: Andeha mody; velona ny zanakao. Ary ralehilahy nino ny teny izay nolazain'i Jesosy taminy, ka dia lasa nody.” (Jaona 4:49, 50).

“Fa handatsaka rano amin'izay mangetaheta Aho, ary riaka ho amin'izay tany karankaina; Eny, handatsaka ny Fanahiko amin'ny taranakao Aho, ary ny fitahiako ho amin'ny terakao; …” (Isaia 44:3).

Midera Anao aho Tompo ô tamin’ny nanomezanao ahy zanaka mba hahazoako mianatra amin’izy ireo ny tena fiovam-po marina. Ampio aho mba tsy handray izany lesona izany ho toy ny tongatonga ho azy. Ary ampio aho mba hahaizako mampitodika azy ireo ho any Aminao. Aoka mba ho vavolombelona tena izy ny amin’ny fiovam-po marina aho.”

“ka nanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Raha tsy miova ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.” (Matio 18:3).